Tadiavo ny Laylat al-Qadr amin'ny alina isa tsy mivaky (impaire) amin'ny folo andro farany amin'ny Ramadany

Tatitra azo avy amin'i Aicha (R.A), niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Tadiavo ny Laylat al-Qadr amin'ny alina isa tsy mivaky (impaire) amin'ny folo andro farany amin'ny Ramadany."

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Namporisika i Mpaminany (S.A.W) mba hazoto amin'ny fikatsahana sy ny famotopotorana ary ny fitadiavana ny Laylat al-Qadri amin'ny fanaovana asa soa maro aminny alin'ny Ramadany isan-taona, izy io dia ny : ny fahiraika amby roapolo, ny fahatelo amby roapolo, ny fahadimy amby roapolo, ny fahafito amby roapolo ary ny fahasivy amby roapolo.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/4540